# Ilay Voa Tsara Nafafy 07 Septambra 2018

# 7 **Zoma** septambra

**Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.** Jaona 17. 3

## Tsy mitombina

Mahagaga ! Maro ny olona no miaina tsy mieritreritra an' Andriamanitra, na mandà ny fisiany mihitsy aza. Nefa dia mihevitra izy ireo fa ho afaka ho any an-danitra aorianan'ny fahafatesana, satria hoe tsy nanao ratsy tamin'olona. Fahadisoan-kevitra goavana izany. Fonenan'Andriamanitra tokoa mantsy ny lanitra, „sezafiandrianan'Andriamanitra" (Matio 5. 34). Ahoana moa no hahafahana mieritreritra fa ho sambatra any an-danitra, miaraka amina Andriamanitra ninianao natao toy ny tsy nisy, nandritra ny fahavelomanao teto an-tany ?

Mikorontana ny fisainan'ny olona, matetika, fa Andriamanitra kosa tsy mba toy izany. Izy tokoa no Ilay „Andriamanitra, Mpamonjy antsika, Izay tia ny olona rehetra hovonjena" (1 Timoty 2. 3-4). Nefa raha tsy mila Azy ianao ankehitriny, dia ho lavitra Azy mandrakizay.

Mba hidirana any an-danitra, dia tsy maintsy manana fifandraisana amin'Ilay monina ao, ary mahafantatra Azy manokana. Izany fahalalana izany dia azo avy amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, satria „tsy misy mahalala tsara ny Ray, afa-tsy ny Zanaka sy izay tian'ny Zanaka hanehoana Azy" (Matio 11. 27).

Jesosy no naneho an'Andriamanitra tamintsika. Ho amin' izany dia nekeny ny handao ny toeram-boninahitra nisy Azy tany an-danitra, ka tonga tetỳ an-tany Izy. Fiainana feno fijaliana sy fandavana no hitany teto, ary taorianan' izany dia nefainy ny trosa vokatry ny fahotako. Nino Azy aho, ka nomeny fifandraisana amin'ny Rainy, fifandraisana hoe zanaky ny Rainy. Ao anatin'ny fiainako manontolo Andriamanitra ankehitriny, ary am-pahatokiana no iandrasako ny andro handraisany ahy any an-danitra.

Aoka isika hanana fihevitra mitombina tsara ! Raha te hiaina miaraka amin'iAmanitra any an-danitra isika, indray andro any, dia aoka hianatra, dieny ankehitriny, hahalala Ilay Andriamanitra Mpamonjy amin'ny alalan'i Jesosy Kristy !